

VAOMIERAN'NY LALANA

TATITRA NATAON-Rtoa JOHASY Eléonore Mpampakanteny ny Vaomiera

Tolo-pehin-kevitra laharana faha-001-2019/PR « tendant à modifier l'arrêté n° 67-AN/P portant REGLEMENT INTERIEUR DE L'ASSEMBLEE NATIONALE »

Natolotr'Atoa HENRI Jean Michel, Kestora Voalohan'ny Antenimierampirenena sy ireo mpiara dia aminy.

Nivory ny Alarobia faha-14 Aogositra 2019 tamin'ny 09 ora sy 15 minitra maraina ary nitohy ny tolakandro tamin'ny 2 ora sy 30 minitra ny Vaomieran'ny Lalàna nandinika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-001-2019/PR « **tendant à modifier l'arrêté n° 67-AN/P portant REGLEMENT INTERIEUR DE L'ASSEMBLEE NATIONALE** »

Andriamatoa IDEALISON, Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna no nitarika ny fivoriana.

Ireo Solombavambahoaka mpikambana amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana.

Rtoa sy Atoa isany:

1. ANDRIAMANJANTO Liantsoa Bina
2. ANDRIANANDRASANA Norbert
3. IDEALSON
4. JOHASY Eléonore
5. MAMIZARA Yasmirah Loeticia
6. PEPIN Michou
7. RABENIRINA Maminiaina
8. RAFIDIMANANA Narson
9. RAHERIARIJAONA Régina Clarisse
10. RAHOLDINA NAIVO
11. RAKOTOMALALA Miarintsoa A.
12. RAMBOASALAMA Emilien
13. RASOAZANANERA Marie Monique
14. RAVENASY Jean Emanielson
15. RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
16. VELOMAHAZO Patrice
17. VONINAHITSY Jean Eugène

Ireo Solombavambahoaka mpikambana amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana.

Rtoa sy Atoa isany:

1. ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot
2. ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
3. ANGELE Solange
4. EDIZARD
5. HENRI Jean Michel
6. RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimalona
7. RAMILSON Ange Richard
8. RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle
9. RAZARA Pierre Fidèle
10. TSARADIA Marco

Ireo solotenan'ny Governemanta sy ny Teknisianina:

Rtoa isany:

1. RANDRIANARIVO A. Tracy Jessica
2. RAKOTONIRINA Vololoniaina

Miendrika ho toy izao manaraka izao ny fizotry ny fivoriana:

- Fananganana ny Biraon'ny Vaomiera
- Fankatoavana ny fahazoana mandray araky ny Lalàna ny Tolo-pehin-kevitra
- Fandinihana ny Tolo-pehin-kevitra

A- Fananganana ny Biraon'ny Vaomiera

Nandritra ny fifidianana, lany ho:

- o Filoha Lefitra: Rtoa RAHERIHARIJAONA Regina Clarisse
- o Mpampakateny: Rtoa JOHASY Eléonore
- o Mpampakateny Lefitra: Atoa RAVENASY Jean Emanielson.

B- Fankatoavana ny fahazoana mandray araka ny Lalàna

Araka ny voalaza ao amin'ny andininy faha -111 ao amin'ny fitsipika anaty mifehy ny Antenimierampirenena: « ireo tolo-dalàna sy fanapahan-kevitra atolotry ny solombavambahoaka dia apetraka sy dinihin'ny Filoha rehefa nakàna ny hevitra ny Biraon'ny Vaomiera araka ny Lalàna izay manapaka eo anatrehan'ny na ireo nanao ny Tolo-dalàna, ankoatr'ireo fepetra tsy maintsy ampiharana'ireto farany ny andininy faha-86 andalàna 6 sy 7 sy ny andininy faha-95 ao amin'ny Lalàmpanorenana. Raha toa ka mazava ny tsy fahazoa-mandray azy ireo araka ny hevitra ny andininy faha-86 andalàna 6 sy 7 sy ny andininy faha-95 ao amin'ny Lalàmpanorenana, ny fametrahana azy dia lavina» dia nambaran'ny vaomiera fa azo raisina ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-001-2019/PR « **tendant à modifier l'Arrêté n°67-AN/p portant REGLEMENT INTERIEUR DE L'ASSEMBLEE NATIONALE** »

D- Fandinihana ny Tolo-pehin-kevitra

Taorinan'ny fandinihana ny Tolo-pehin-kevitra toy ny famelabelarana ny Tolo-pehin-kevitra; fandinihana ny isan'andininy; fandanihana ny isan'andininy ary ny fandanihana ankapobeny dia nolanian'ny Vaomiera tamin'ny endriny nasiam-panitsiana sy nasiam-panovana ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-001-2019/PR « **tendant à modifier l'Arrêté n°67-AN/p portant REGLEMENT INTERIEUR DE L'ASSEMBLEE NATIONALE** » ary nentina teny amin'ny fivoriambe nandraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 5 ora sy 35 minitra hariva ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Atoa Filoha.